Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

Sabotsy 30 may 2020
Matio 25. 31-46

Mitarika : Pst Solohery Raobinarison

Amin'ny anaran'ny Ray sy Zanaka ary ny Fanahy Masina, Amen !

Fiarahabàna : faly miarahaba antsika amin'izao fotoana iarahantsika mivavaka izao indray. Ny Tompo anie hampahery antsika amin'ny firaisantsika (communion) aminy, ary hampiray fo sy saina antsika amin'ny vavaka hasandratsika.

Hira 472 and. 1, 4 **(*Iriko e, ry Jeso*)**

Vavaka 1. Misaotra anao Andriamanitra, noho izao fotoana omenao iarahanay aminao izao. Hitanao ny hetahetanay hitovy endrika amin'ny Zanakao, araka ny hira vavaka nohirainay teo. Tahio ary Tompo izao fotoam-bavaka izao, handraisanay ny teninao ary itondranay eo aminao ny vavaka sy ny fisaorana ary ny fifonana avy aty aminay. Amin'ny anaran'i Jesosy Kristy Zanakao. Amen !

Hira 51 and 1, 5 ***(Raha tonga anio ny Tompo)***

Vakiteny voalohany (Mat 25.31-33)

Ary raha tonga ny Zanak' olona amin' ny voninahiny, arahin' ny anjely rehetra, dia hipetraka eo ambonin' ny seza fiandrianan' ny voninahiny Izy; 32 ary ny firenena rehetra hangonina eo anatrehany, dia hanavaka azy Izy, tahaka ny mpiandry ondry manavaka ny ondry amin' ny osy; 33 ary hametraka ny ondry eo amin' ny ankavanany Izy, fa ny osy eo amin' ny ankaviany.

Fanazavana ny teny

Hira 52 : 1 ***(Efa akaiky Jeso Tompo)***

- ⇨ Vavaka fiderana sy fankalazana an'Andriamanitra noho Izy Mpitsara Marina. Fotoana andrandrain'ny mpino rehetra ka itenenany hoe « *Amena. Avia, Jesosy Tompo!* » raha hoy i Jesosy : *« Eny, avy faingana Aho »* (Apo 22.20).
- ⇨ **Vavaka 2** :

Vakiteny faharoa (Mat 25.34)

34 Ary amin' izany ny Mpanjaka dia hilaza amin' izay eo amin' ny ankavanany hoe: **Avia hianareo izay notahin' ny Raiko, mandovà ny fanjakana izay voavoatra ho anareo hatrizay nanorenana izao tontolo izao**;

Fanazavana ny teny

Hira 52 : 2 ***(Efa akaiky ny Mpitsara)***

- ⇨ Vavaka ho an'ny fiangonana, hanohy ny asa amin'ny fanantenana ; ny « déconfinement » ; ny fisokafan'ny fiangonana.
- ⇨ **Vavaka 3** : **Mpitandrina**

Vakiteny fahatelo (Mat 25.35-45)

35 fa noana Aho, dia nomenareo hanina; nangetaheta Aho dia nampisotroinareo; nivahiny Aho, dia nampiantranoinareo; 36 tsy nanan-kitafy Aho, dia notafianareo; narary Aho, dia notsaboinareo; tao an-trano-maizina Aho, dia novangianareo. 37 Ary dia hamaly Azy ny marina ka hanao hoe: Tompoko, oviana no hitanay noana Hianao ka nomenay hanina, na nangetaheta ka nampisotroinay? 38 Ary oviana no hitanay nivahiny Hianao ka nampiantranoinay, na tsy nanan-kitafy ka notafianay? 39 Ary oviana no hitanay narary Hianao, na tao an-trano-maizina**, ka novangianay**? 40 Dia hamaly ny Mpanjaka ka hanao aminy hoe: Lazaiko aminareo marina tokoa: Araka izay efa nataonareo tamin' ny anankiray amin' ireto rahalahiko kely indrindra ireto no nataonareo tamiko. 41 Ary dia hilaza indray amin' izay eo amin' ny ankaviany kosa Izy hoe**: Mialà amiko, hianareo izay voaozona, ho any amin' ny afo maharitra mandrakizay, izay voavoatra ho an' ny devoly sy ny anjeliny**; 42 fa noana Aho, fa tsy mba nomenareo hanina; nangetaheta Aho, fa tsy mba nampisotroinareo; 43 nivahiny Aho, fa tsy mba nampiantranoinareo; tsy nanan-kitafy Aho, fa tsy mba notafianareo; narary sy tao an-trano-maizina Aho, fa tsy mba novangianareo. 44 Ary dia hamaly kosa ireo hoe: Tompoko, oviana no hitanay noana Hianao, na nangetaheta, na nivahiny, na tsy nanan-kitafy, na narary, na tao an-trano-maizina, **ka tsy mba nanompo Anao izahay?** 45 Fa hamaly azy Izy ka hanao hoe: Lazaiko aminareo marina tokoa: Araka izay tsy nataonareo tamin' ny anankiray amin' ireto kely indrindra ireto no tsy mba nataonareo tamiko.

Fanazavana ny teny

Hira 52 : 3 ***(Efa akaiky ny Mpamonjy)***

- ⇨ Vavaka ho an'ny asan'ny Fiangonana, Ny fahaiza-mizara. Ho an'izao tontolo izao. Ny fahantràna, Ny aretina. Ny mana-manjo, ny fijaliana sns.
- ⇨ **Vavaka 4** : Mpitandrina :

Vakiteny fahefatra (Mat 25.46)

46 Ary ireo dia hiala ho any amin' ny fampijaliana mandrakizay; fa ny marina ho any amin' ny fiainana mandrakizay.

Fanazavana ny teny

Hira 52 : 4 ***(Aza mba mangataka andro)***

- ⇨ Vavaka mba hahafaly an'i Kristy ny fiainan'ny mpino. Hanavaka ny maizina sy ny mazava. Mba ho fanasina sy fahazavana ho an'izao tontolo izao, hitady sy hamonjy ny very amin'ny fanetren-tena sy ny fitiavana.
- ⇨ **Vavaka 5** : **Mpitandrina**

Famaranana : Hoy i Paoly ao amin'ny epistily nosoratany ho an'ny filipiana, toko voalohany, andininy faha 9-11 : « 9 … *izao no angatahiko, dia ny mbola hitomboan' ny fitiavanareo bebe kokoa amin' ny fahalalana tsara sy ny fahafantarana rehetra, 10 mba hamantaranareo izay zavatra tsara indrindra,*

mba ho madio am-po ary tsy hanan-tsiny ho amin' ny andron' i Kristy hianareo, 11 sady feno ny vokatry ny fahamarinana, izay avy amin' ny alalan' i Jesosy Kristy, ho voninahitra sy fiderana an' Andriamanitra. » (Fil 1.9-11)

Tsodrano

« 22 Fadio ny fanao ratsy rehetra. 23 Ary Andriamanitry ny fiadanana anie hahamasina anareo samy ho tanteraka, ka aoka harovana avokoa ny fanahinareo sy ny ainareo ary ny tenanareo ho tanteraka ka tsy hanan-tsiny amin' ny fihavian' i Jesosy Kristy Tompontsika. » (1 Tes 5.22-23), Amen !